Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA NY FAMONJENA*

*Lars B. Dunberg*

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny Famonjena***

***The Basic Things You Need to Know About Salvation (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2014, 2018 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-959855-11-8

Scripture quotations translated into Malagasy are taken from The Holy Bible, New International Version®, NIV®Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.™ Used by permission of Zondervan.

All rights reserved worldwide. www.zondervan.com.The "NIV" and "New International Version" are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.™

Published by *ServeNow*
1817 Austin Bluffs Parkway #110
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny Famonjena

**Fampidirana**

Nampiasa andian-teny maro ny olombelona mba hilazalazana ny amin'ny famonjena. Misy milaza hoe "fahateraham-baovao" izy io. Ny hafa indray milaza azy io ho toy ny "tara-pahazavana mamirapiratra ao amin'ny toerana maizimaizina", ary ny hafa kosa mihevitra azy io ho toy ny asa famonjena ara-panahy.

Mety ho sarotra takarina ny hevitry ny teny hoe famonjena. Iray amin'ireo teny hafahafa henontsika matetika any am-piangonana izany. Inona anefa no tena dikan'io teny io?

Teny fototra ao amin'ny Baiboly ny hoe famonjena. Voatonona in-286 mahery izy io. Alohan'ny hidirantsika amin'ny antsipiriany rehetra dia mamelà ahy hanao ireto fanambarana telo ireto.

***Ny famonjena dia zavatra azonao iainana, tsy aorian'ny fahafatesana ihany, fa amin'izao fotoana izao mihitsy***

Ao amin'ireo taratasy nosoratany ao amin'ny Testamenta Vaovao i Paoly dia nilaza hoe: *Fa noho ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra antsika, izay manakarem-pahasoavana dia nahavelona antsika niaraka tamin'i Kristy Izy na dia fony mbola matin'ny fandikan-dalana aza isika—fahasoavana no namonjena anareo* (Efesiana 2:4-5).

*Fa nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina Izy ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany* 1:13).

Free Digital Copy From ServeNow

*Namonjy antsika Izy, tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-pony kosa. Namonjy antsika tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina Izy* (Titosy 3:5).

***Tsotra sy mahitsy ny drafitry ny famonjen'Andriamanitra***

Tonga teo amin'ny fiainako Andriamanitra fony aho roa ambin'ny folo taona. Nanova ahy tanteraka Izy ary nanome ahy fiadanana sy fifaliana ary fiainam-baovao. Mbola tsy nahalala teolojia na fahamarinana lalina ara-panahy aho, nefa nomeny ahy izay nilaiko tamin'izany fotoana izany. Tamin'ilay alina namonjena ahy, dia namerina ny tenin'i Jesosy ilay mpitoriteny nanao hoe: *Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mandrakizay*. Nanantona Azy tokoa aho ary hitako fa mahitsy sy marina ilay fanambarana.

***Zava-miafina mahafinaritra ihany koa ny famonjena***

Tsy fiovana ara-tsaina sy fitondran-tena fotsiny ny zava-nitranga tamiko tamin'io alina io. Fantatro fa niditra tamin'ny fomba mahagaga teo amin'ny fiainako i Jesosy. Tsapako ny fiadanany sy ny fiainany ary ny fitiavany. Mbola mitohy hatramin'izao ny dingana natomboky ny Tompo tato amiko taona maro lasa izay.

**Ny teny hoe famonjena — ny dikany**

Ny teny hoe famonjena dia midika ara-bakiteny hoe "miaro na manavotra amin'ny loza voajanahary." Ao amin'ny Testamenta Vaovao izany dia ampiasaina hilazana ny fanafahana amin'ny loza mihatra aman'aina, toy ny tamin'ny fotoana nandehanan'ny mpianatr'i Jesosy teny an-dranomasina ary saika rendrika ny sambony nandritra ny tafio-drivotra. Fa ny fampiasana matetika ny teny hoe famonjena ao amin'ny Testamenta Vaovao dia hilazana ny "fahafahana amin'ny ota". *Ary*

Free Digital Copy From ServeNow

*ny anarany hataonao hoe Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany* (Matio 1:21). Milaza ny apostoly Paoly ao amin'ny 1 Timoty 1:15, *fa tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy mba hamonjy ny mpanota.* Ny famonjena kristiana dia mahakasika ny loza faran'izay mafy indrindra amin'ny rehetra dia ny fahotana ao am-pon'ny olombelona izany.

Heveriko fa zava-dehibe ny milaza fa ny teny hoe famonjena dia tsy natokana ho "teny kristiana" fotsiny ihany. Fivavahana maromaro no miresaka ny amin'ny famonjena. Na izany aza anefa, ny fahatakarany ny famonjena dia tsy mitovy amin'ny fahatakarana azontsika avy ao amin'ny Baiboly. Ohatra, ny silamo dia mihevitra ny famonjena ho toy ny paradisa izay hahatanteraka ny filana ara-panahy sy ara-batana rehetra. Ny Hindoa dia mihevitra ny famonjena ho fanafahana avy amin'ny tsingerin'ny fahaterahana indray mankany amin'ny fomba fijery miitatra, raha ho an'ny Bodista kosa ny famonjena dia fahatratrarana ny Nirvana - toetry ny zava-poana, feno fahasambarana, ara-panahy izay hahatonga anao ho Bouddha. Ny Marxista dia mihevitra ny famonjena ho toy ny fanarenana ny fiaraha-monina amin'ny fomba izay hahatonga azy io ho fototry ny fiverenan'ny olombelona marina amin'ny ny tenany ihany. Amin'ny ankapobeny, hitan'ny olona fa tsy araka ny tokony ho izy ny zava-drehetra ka mahatsapa avy hatrany fa ilaina ny famonjena. Ao amin'ity boky ity no hianarantsika ireo zavatra fototra momba ny famonjena araka ny fomba fijery kristiana.

Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny famonjena kristiana, ary maimaim-poana tanteraka izany. Tsy toy ny fivavahana hafa rehetra, ny Kristianisma dia tsy mitaky na inona na inona ho takalon'ny famonjena. Ny famonjena kristiana dia miankina amin'ny asan'i Kristy fa tsy miankina amin'ny asa tsara na ny hetsika ara-pivavahana

Free Digital Copy From ServeNow

ataon'ny mino. Raha tokony niezaka nanatratra an'Andriamanitra any an-danitra isika, dia nidina ho antsika tety an-tany Izy! Tonga tahaka antsika Izy mba hahatonga antsika ho tahaka Azy. *Izay tsy nahalala ota dia efa nataon' Andriamanitra ho ota ho antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika* (2 Korintiana 5:21).

**Inona no atao hoe famonjena?**

Ny fototry ny famonjena dia ny fiainana sy ny fahafatesana ary ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty. Ny hazo fijaliana dia zava-dehibe ho an'ny famonjena, nefa raha tsy misy ny fiainan' i Kristy lavorary sy ny fitsanganany tamin'ny maty, dia tsy hisy dikany ny hazo fijaliana.

Ny famonjena dia fomba tsotra nomen'Andriamanitra ho amin'ny fanafahana ny taranak'olombelona amin'ny ota sy ny fahafatesana ara-panahy. Amin'ny alalan'ny fibebahana sy ny finoana an'i Jesosy Kristy no hitrangan'izany. Ny Testamenta Vaovao dia manambara fa amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy, ny olombelona dia voavonjy amin'ny fitsaran'Andriamanitra ny ota sy ny vokatr'izany— ny fahafatesana mandrakizay.

**Mila vonjena ny tsirairay**

Na dia noforonin'ilay Andriamanitra fara-tampony aza isika, ary natao hanana fifandraisana Aminy, dia samy efa nania ny olombelona rehetra ka niala tamin'ny lalana voatokana ho antsika. Vokany, tsy mifandray amin'Andriamanitra sy izay rehetra nokasainy ho antsika isika olombelona. Tsy misy dikany ny fiainana raha tsy misy Azy.

Ny olombelona rehetra dia nateraka hanana toetra vaovao. Teraka tao amin'ny fanandevozana toy ny andevo isika, ary rehefa mihalehibe isika dia manohy izany fanandevozana izany, izay teren'ny toetrantsika tsy hankatò ny didin'Andriamanitra. Tsy afaka manova ny

Free Digital Copy From ServeNow

toetrantsika samirery isika satria manjaka amintsika ny ota. Ny ataontsika sy ny fahazarantsika dia porofo fa ao anatin'ny fanandevozana isika.

Noho izany dia miaina ny fiainantsika eo ambanin'ny aloky ny fahafatesana isika, ary nandritra ny taona maro dia tsy nisy filozofia, na fisainana, na fandresena ara-moraly afaka mamadika ny fizotran'ny fahanterana sy ny fahafatesana.

Ny Efesiana 1:7 dia milaza amintsika *fa ao Aminy no ananantsika fanavotana amin'ny alalan'ny ràny, dia ny famelan-keloka, araka ny haren'ny fahasoavan'Andriamanitra*. Efa samy babon'ny ota avokoa isika rehetra, izaho sy ianao ihany koa. Ao amin'ny Bokin'i Jaona dia hoy Jesosy: *Nolazaiko taminareo fa ho faty amin'ny fahotanareo ianareo; raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty tokoa amin'ny fahotanareo ianareo* (Jaona 8:24). Manamafy izany koa ny Romanina 3:23, *fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra.*

Mpanota avokoa isika eo imason'ny Tompo na dia samy hafa aza ny fisehontsika. Ny sasany manao akanjo tsara tarehy sy lafo vidy; ny sasany mitafy lamba tonta sy maloto. Ny sasany dia miteny ratsy fa ny hafa kosa manao teny masina. Ny sasany mipetraka ao an-dapa fa ny hafa kosa matory ao ambanin'ny gony hazonin'ny tahokazo roa. Ny sasany dia voafonja ara-pivavahana ary ny sasany tsy mino an'Andriamanitra, fa samy voafonja avokoa anefa.

Inona no atao hoe gadra ara-panahy? Hoy ny Bokin'ny Efesiana: *Ary ianareo dia efa maty tao amin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo, izay nalehanareo fahiny, araka ny fomban'izao tontolo izao, araka ny mpanapaka ny fanjakana eny amin'ny rivotra, dia ny fanahy izay miasa ankehitriny ao anatin'ny zanaky ny tsi-fanarahana; teo amin'ireo no nitondrantsika rehetra tena koa fahiny tamin'ny filan'ny nofontsika, ka*

Free Digital Copy From ServeNow

*nanaovantsika ny danin'ny nofo sy ny saina. Sahala amin'ny hafa rehetra, dia mendrika ny fahatezerana isika* (Efesiana 2:1-3).

Mety hiezaka ny ho hafa isika, saingy tsy manampy izany. Mety hiezaka hanatsara ny tenantsika isika, saingy tsy misy ilana azy izany. Te hanana fifandraisana akaiky amintsika Andriamanitra, saingy tsy vitantsika amin'ny alalan'ny ezaka ataontsika manokana izany.

*Samy efa tahaka ny olo-maloto izahay rehetra, ary tahaka ny lamba mihosin-drà ny asa soa rehetra mba vitanay* (Isaia 64:6).

*Tsy misy marina na dia iray akory aza; tsy misy izay mahafantatra, tsy misy izay mitady an'Andriamanitra. Samy nania avokoa izy rehetra, Samy tsy mahasoa avokoa izy rehetra; tsy misy izay manao ny tsara na dia iray akory aza* (Romana 3:10-12). Isika dia gadra eo ambany fifehezan'ny ota.

Alao sary an-tsaina ange ny fitaterana ireo gadra voafonja, mandeha eny an-dalana eny, mifamatotra amin'ny rojo vy manodidina ny tanany sy ny tongony. Sasatra izy ireo, mitanondrika; ary maloto.

Tampoka teo dia nisy iray tamin'ireo nanainga ny tanany. Nivaha nilatsaka amin'ny tany ny gadra namatotra azy ary niantsoantso izy hoe: “Haleloia, efa afaka aho. Voafatotry ny fahazaran-dratsy aho taloha ary teo ambanin'ny fitaoman'ny zava-mahadomelina, kanefa tonga nanafaka ahy i Jesosy!”

Tovovavy iray teo ivohony no nanangana ny tanany, tsy voafatotra intsony. “Haleloia, afaka ihany koa aho! Nankahala ny ray aman-dreniko sy ny fianakaviako aho taloha. Nahasosotra ahy mihitsy izy ireo. Nandositra ny trano aho ary niaina tao anatin'ny fangidiana sy ny fankahalana ary ny fahoriana. Fa Jesosy no nanova ny foko ary afaka aho. Amin'izao fotoana izao dia afaka mitia ny ray aman-dreniko aho!”

Free Digital Copy From ServeNow

Samy nahazo ny famonjena izy ireo, izany hoe tsy voafatotra tamin'ny fatoran'ny fahotany sy nafahana tamin'ny alalan'ny herin'ny ran'i Jesosy.

Asehon'ny Baiboly fa ilaintsika izany fanandraman'Andriamanitra izany, raha tiantsika ny hiaina amim-pahavitrihana ary misy tanjona. Raha tsy misy an'Andriamanitra dia tsy mahita fomba fiaina hafa mahafa-po isika.

**Nahoana no mila famonjena isika?**

Satria nikomy i Adama sy Eva, ray aman-drenintsika voalohany, ary nampisaraka antsika rehetra tamin'Andriamanitra ny ota. Te hanana fiombonana amintsika olombelona Andriamanitra, fa ny otantsika no mampisaraka antsika Aminy, ka mamela antsika anaty fahabangana ara-panahy. *Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra* (Romana 3:23).

Masina Andriamanitra ary tsy misy ota eo anatrehany. Ny fahamasinany dia mitaky famaizana sy fandoavana (fanavotana) noho ny ota, izany hoe fahafatesana mandrakizay izay efa nisy hatramin'ny taloha. Tsy ampy hanefana ny ota ny fahafatesantsika. Ny sorona lavorary sy tsy misy pentina atolotra amin'ny fomba marina ihany no afaka manonitra ny fahotantsika. Jesosy, ilay Andriamanitra lavorary, dia tonga mba hanolotra izany sorona madio sy feno ary tonga lafatra izany mba handoavana mandrakizay ny ota. Nahoana? Satria tia antsika Andriamanitra ary maniry fifandraisana akaiky amintsika.

**Fahafatesana mandrakizay no tambin'ny ota**

Ny fahamasinan'Andriamanitra sy ny fahamarinany dia mitaky ny hanasaziana ny fahotana sy ny fikomiana ary ny hany sazy na tambin'ny ota dia ny fahafatesana mandrakizay.

Free Digital Copy From ServeNow

*Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika* (Romana 6:23).

*Mba ho tahaka ny nanjakan'ny ota tao amin'ny fahafatesana no hanjakan'ny fahasoavana kosa amin'ny fahamarinana hitondra fiainana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika* (Romana 5:21).

**Nahoana no tsy maintsy maty i Jesosy?**

Io fanontaniana tena manan-danja io dia ivon'ny Kristianisma. Na dia eo aza izany, ny Kristianina sasany dia mahatsapa fa sarotra ny mamaly ilay fanontaniana. Hodinihintsika tsara io fanontaniana io ary omentsika valiny avy ao amin'ny Soratra Masina.

Kanefa, alohan'ny hamaliana ilay fanontaniana, dia zava-dehibe ihany koa ny mahazo an-tsaina fa takatr'i Jesosy mazava tsara mihitsy fa ny asa nanirahana azy teto an-tany dia ny fanolorana ny ainy ho sorona. Izany hoe, fantatr'i Jesosy tsara fa sitrapon'ny Rainy ny hahafatesany.

Milaza amintsika ny Marka 10:32-34 fa takatr'i Jesosy tsara ny ilaina ny fahafatesany. *Ary naka ny roa ambin'ny folo lahy indray Izy, dia nilaza taminy izay efa hanjo Azy. "Indro, miakatra ho any Jerosalema isika", hoy izy," ary ny Zanak'Olona hatolotra ho amin'ireo lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna. Ary hohelohiny ho faty Izy ka hatolony amin'ny jentilisa; ary hanao Azy ho fihomehezana ireny sy handrora Azy sy hikapoka Azy ary hahafaty Azy. Fa rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy.* Hoy Jesosy ao amin'ny Marka 10:43-45, *Fa na iza na iza no te-ho lehibe eo aminareo, dia ho mpanompo anareo izy, ary na iza na iza no te-ho lohany eo aminareo, dia ho mpanompon'izy rehetra. Fa na dia ny Zanak'Olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ny hafa, ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro.* Ao amin'ny Marka 14:22-25 indray

Free Digital Copy From ServeNow

dia maminany momba ny fahafatesany i Jesosy. *Ary raha mbola nihinana izy ireo, Jesosy kosa nandray ny mofo ; ka nony efa nisaotra, dia novakiny ka natolony ny mpianany izany ary hoy izy hoe: "Raiso, ity no tenako." Dia nandray kapoaka indray Izy, ka nony efa nisaotra, dia natolony azy ireo izany; ka dia nisotroan'izy rehetra izany. Ary hoy Izy taminy: "Ity no rako amin'ny fanekena, izay alatsaka hamonjy ny maro. Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho mandra-pihavin'ny andro hisotroako izay vaovao any amin'ny fanjakan'Andriamanitra."* Ary hoy Jesosy ao amin'ny Jaona 10:17-18, *Ary izany no itiavan'ny Raiko Ahy, satria izaho manolotra ny aiko mba handraisako azy indray. Tsy misy manaisotra ny aiko amiko, fa ny tenako ihany no manolotra azy. Manana fahefana hanolotra azy aho, ary manana fahefana haka azy indray. Izany didy izany dia azoko tamin'ny Raiko.*

Hazavain'io andininy farany io koa hoe nahoana no tsy ilaina ny manome tsiny na iza na iza ho "namono" an'i Jesosy. Nanana fahefana "hanolotra ny ainy" na "haka azy indray" i Jesosy, kanefa nanolotra ny ainy tamin-kahalalahana Izy. Nanampy tamin'ny fanatanterahana ny planina natao ho tanterahany ireo olona namantsika ny tanany.

***Tsy maintsy maty i Jesosy satria masina Andriamanitra***

Na dia be famindram-po sy mahery ary manome ny zava-drehetra aza Andriamanitra, dia masina sy marina ary marina ihany koa Izy.

*Fa Jehovah, Tompon'ny maro, no hisandratra amin'ny fitsarana, ary Andriamanitra masina dia haseho ho masina amin'ny fahamarinan'ny asany* (Isaia 5:16).

Free Digital Copy From ServeNow

***Tsy maintsy maty i Jesosy satria tsy afaka miaraka ny ota sy ny fahamasinana***

Ny tsy fankatoavan'ny olona iray no nidiran'ny ota teto amin'izao tontolo izao, ary noho izany dia teraka miaraka amin'izany "toetry ny ota" izany ny rehetra ankehitriny.

*Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny fahafatesana nohon'ny ota, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra* (Romana 5:12).

*Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra* (Romana 3:23).

***Tsy maintsy maty i Jesosy satria mampisaraka antsika amin'Andriamanitra ny fahotana***

*Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino Izy* (Isaia 59:2).

***Tsy maintsy maty i Jesosy satria tia antsika Andriamanitra***

*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay* (Jaona 3:16).

***Tsy maintsy maty i Jesosy mba handatsaka ny rany ho antsika***

Milaza amintsika ny Soratra Masina fa *manana fahafahana isika amin'ny alalan'ny rany*. Nahoana moa no hoe 'ra'?

Ao amin'ny Baiboly manontolo, dia averina imbetsaka ny ra ho tandindon'ny fahafahana: ny Zanak'Isiraely, rehefa niala tany Egypta, dia voavonjy noho ny rà natentina teo amin'ny varavarany. Ny biby natao sorona ho an'ny fahotan'ny olombelona dia sarin'i Kristy amin'ny maha "Zanak'ondry" tonga lafatra Azy, izay nandatsaka

Free Digital Copy From ServeNow

ny rany ho antsika. Ny hazo fijalian'i Kristy dia mampahatsiahy antsika ny ra nalatsany mba hanafaka antsika amin'ny fahotantsika.

Tsy ho ampy hanonerana ny fahotantsika mihitsy ny fahafatesantsika. Ny zavatra takiana dia sorona tonga lafatra, tsy misy pentina, atolotra amin'ny fomba manara-penitra. Jesosy, ilay hany Andriamanitra lavorary, dia tonga mba hanolotra izany sorona madio sy feno ary mandrakizay izany. Nohon'ny nanaovany izany dia tsy vitan'ny hoe nesoriny fotsiny ny fahotantsika, fa nandoa ny trosantsika ho mandrakizay ihany koa Izy.

*Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala, izay azonareo tamin'ny nentin-drazana, fa tamin'ny rà soan'i Kristy, izay zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina* (1 Petera 1:18-19).

*Koa satria manana nofo aman-drà ny zaza, dia mba nandray izany koa Izy, mba handringanany amin'ny fahafatesana ilay manana ny herin'ny fahafatesana – dia ny devoly – ary mba hanafahany izay rehetra nandany ny fiainany rehetra tamin'ny fanandevozana noho ny tahotra ny fahafatesana. Fa hita marina fa tsy anjely no vonjeny, fa ny taranak'i Abrahama. Noho izany dia tsy maintsy hatao tahaka ny rahalahiny, olombelona amin'ny fahafenoany amin'ny zavatra rehetra Izy, mba ho Mpisoronabe mamindra fo sy mahatoky ny amin'Andriamanitra, mba hanaovany fanavotana noho ny heloky ny olona* (Hebreo 2:14-17).

**Ahoana no andraisantsika famonjena?**

Izay nataon'Andriamanitra ho antsika, tamin'ny alalan'ny fahafatesan'i Jesosy Kristy teo amin'ny hazo fijaliana, no fototra sy dikan'ny famonjena. Tsy manery olona hifandray aminy Andriamanitra. Efa nomaniny ho antsika ny zava-drehetra, nefa tsy maintsy mandray ny

Free Digital Copy From ServeNow

famonjena maimaim-poana isika mba handraisantsika soa avy amin'izany.

***Amin'ny alalan'i Jesosy Kristy irery ihany no ahazoantsika famonjena***

Amin'ny alalan'i Jesosy Kristy irery ihany no ahazoantsika famelan-keloka sy famerenana amin'ny laoniny ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Ny fisarahana eo amin'ny olombelona sy Andriamanitra dia vokatry ny fahotantsika ary ny ran'i Kristy ihany no manaisotra izany.

*Izay tsy nahalala ota dia efa nataon' Andriamanitra ho ota ho antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika* (2 Korintiana 5:21).

*Fa avy aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, Izay lasa fahendrena avy amin'Andriamanitra ho antsika —izany hoe fahamarinantsika sy fahamasinantsika ary fanavotana ho antsika* (1 Korintiana 1:30).

Niteny teo anatrehan'ny mpitondra fivavahana Jiosy i Petera, ka nanambara hoe: *Jesosy 'no vato izay nolavinareo mpanao trano, nefa tonga fehizoro.'Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena* (Asan'ny Apostoly 4:11-12).

**Mandray famonjena amin'ny alalan'ny antson'Andriamanitra isika**

Asan'Andriamanitra ny fiantsoana ny olona handray ny famonjena. Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 6:44, *Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy taomin'ny Ray Izay naniraka Ahy; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany;* ary ao amin'ny Jaona 15:16 dia mampahatsiahy antsika Izy manao hoe: *Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo.* Ilaina ny antson'Andriamanitra mba

Free Digital Copy From ServeNow

hahafahantsika mandray ny famonjeny. Tsy afaka mamonjy ny tenantsika isika.

*Mandray famonjena amin'ny alalan'ny finoana isika*

Ao amin'ny Jaona 3:16, Jesosy dia nilaza hoe: *Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.*

Io karazam-pinoana io dia mihoatra noho ny fanekena ara-tsaina fotsiny ihany ny zava-misy. Maneho ny fototry ny fitokisana izy io. Tsy finoana irery ihany izany no zava-dehibe, fa ny finoana ao amin'Ilay mahatoky. Ny hoe mino an'i Kristy na Andriamanitra dia matoky an'Andriamanitra sy izay nampanantenainy.

Misy lafiny telo ny finoana. Misy ny finoana ny zava-misy, satria ny finoana marina dia tsy maintsy miainga amin'ny finoana amin'ny saina. Misy ihany koa ny finoana ny teny iray, na ny teny fikasana avy amin'Andriamanitra. Saingy, mihoatra noho izany, dia misy ny finoana ny olona iray – dia Jesosy Kristy. Izany dia mitaky fifandraisana velona amin'ny fitiavana sy ny fahatokiana an'i Kristy.

*Mandray famonjena amin'ny alalan'ny fahasoavana isika*

Ny fahasoavana dia midika ho hatsaram-panahy tsy manam-paharoa. Hoy ny Efesiana 2:8-9, *Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana – ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra – tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.* Ny fahasoavana dia fanomezan'i Kristy ho an'ny olona tsy mendrika izany akory.

Andriamanitra dia nanao ny famonjena ho zava-misy ho antsika tamin'ny alalan'ny fahafatesana sy ny fitsanganan' i Jesosy Kristy tamin'ny maty.

Fanomezana natao ho antsika izao ny famonjena. Tsy zavatra natao ho tratrarina izany. Ny famonjena

Free Digital Copy from ServeNow

izay fanomezana ho antsika dia maimaimpoana tanteraka raha mamaky izay voasoratra ao amin'ny Efesianina isika. Hoy i Paoly ao amin'ny Romana 5:8, *fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.* Tsy nanao na inona na inona ka mendrika ny hatsaram-panahy sy ny fitiavan'Andriamanitra isika. Izany indrindra anefa no atao hoe fahasoavana izany hoe fanehoana hatsaram-panahy na dia tsy mendrika izany akory aza. Mahazo famonjena isika ho fanomezana maimaim-poana, noho ny fahasoavan'Andriamanitra ary amin'ny alalan'ny finoana Azy.

***Mandray famonjena amin'ny alalan'ny fibebahana isika***

Taorian'ny lahatenin'i Petera tamin'ny andro Pentekosta, dia nihetsi-po ny olona ka nanontany izay tokony hataony. Dia namaly azy ireo Petera: *Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo. Ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina* (Asan'ny Apostoly 2:38). Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 3 dia nitory teny indray i Petera ka niangavy hoe: *Koa mibebaha ianareo, ka miverena amin'Andriamanitrahamonoana ny fahotanareo…* (Asan'ny Apostoly 3:19).

Hitantsika imbetsaka ao amin'ny Testamenta Vaovao ny teny hoe fibebahana, izay mifandray indrindra amin'ny fiandohan'ny fiainana kristiana. Talohan'ny niakarany tany an-danitra, Jesosy dia nilaza tamin'ny mpianany fa tokony hitory ny amin'ny fibebahana sy famelan-keloka amin'ny firenena rehetra izy ireo.

Tao amin'ny lahateny fanaovam-beloma tamin'ny loholona tany Efesosy, dia nilaza i Paoly hoe: *Ary nambarako tamin'ny Jiosy sy ny Grika koa fa tokony hiverina amin'Andriamanitra amin'ny fibebahana sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika izy ireo* (Asan'ny Apostoly 20:21).

Free Digital Copy From ServeNow

Nekena fa manana fiaikana ara-pitondran-tena miavaka ny Vaovao Mahafaly. Ny mpanota izay mandre sy mandray ny Filazantsara dia antsoina mba “hibebaka”, izany hoe miala amin’ny fiainana taloha.

Io fiodinana io dia mihoatra lavitra nohon’ ny nenina tamin’ny lasa rehetra. Fiovan-toetra izany, mitondra mankany amin’ny fiovan’ny fitodikin’ny lalan-kombana, izay mitondra ho amin’ny fiainam-baovao. Izany no atao hoe fibebahana.

*Mandray famonjena amin’ny alalan’ny hazo fijaliana sy ny fitsanganana amin’ny maty isika*

Raha ny hazo fijaliana no fomba niatrehan’Andriamanitra ny ota; ny fitsanganana amin’ny maty dia nambaran’ny fiangonana voalohany ho marika sy porofo fa ny fahafatesan’i Kristy dia tena nahomby tokoa ary eken’Andriamanitra Ray araka izany.

Ny hafatry ny fitsanganan’i Kristy tamin’ny maty dia tsy nampianarina ho toy ny resaka fianarana fotsiny. Nanambara izany ho zava-misy velona ireo vavolombelona voalohany.

*Ny famonjena dia manome famelan-keloka*

Jesosy Kristy dia manolotra famelan-keloka feno ho an'ny ota rehetra eo amin'ny fiainanao rehefa manaiky ny Vaovao Mahafaly momba an'i Kristy ianao.

Tsy misy afa-tsy amin’ny vidin’ny fahafatesan’i Kristy ny famelan-keloka, ary omen’Andriamanitra maimaim-poana sy maharitra izany. Ny famelan-keloka dia tsy midika fotsiny hoe famafana ny fahotantsika taloha - midika koa izany fa fiandohan'ny fomba fiaina vaovao. Satria mamela ny fahotantsika Andriamanitra, dia afaka mankafy ny fisakaizana sy ny fanekena avy Aminy isika.

Free Digital Copy From ServeNow

Ny Efesiana 1:7 dia milaza hoe: *Ao Aminy no ananantsika fanavotana amin'ny alalan'ny ràny, dia ny famelan-keloka, araka ny haren'ny fahasoavan'Andriamanitra.* Naminany izay hataon'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy i Isaia mpaminany. *Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanareo noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanareo* (Isaia 43:25).

Tsaroako ny tovovavy iray izay nangataka tamin'i Jesosy mba hiditra amin'ny fiainany sy hanova azy. Talohan'io andro io, dia efa nanompo andriamani-kafa maro izy, saingy tsy mbola niaina fifandraisana manokana tamin'Andriamanitra. Tsy nahalala na inona na inona momba ny famelan-keloka izy ary nankahala ny olona rehetra nanodidina azy. Kanefa rehefa avy niara-nivavaka izahay, dia namirapiratra ny endriny ary tena gaga izy ka niteny hoe: "Voavela aho! Ary mahatsiaro tena madio ao anatiko ankehitriny!"

Ao amin'ny 2 Korintiana 5:17 dia voafaritra toy izao amin'ny alalan'ireto teny ireto izany: *Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy: efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo!*

**Mitondra fifanekena vaovao ny famonjena**

Rehefa voavonjy ny olona iray dia miditra amin'ny fanekena vaovao amin'ny mpino vaovao Andriamanitra. Ny fifanekena taloha dia fifanekena teo amin'Andriamanitra sy ny vahoaka jiosy izay nifototra indrindra tamin'ny Lalàn'i Mosesy. Nanoritra ny fomba fiaina ho azy ireo izany taorian'ny nanafahana azy avy tany Ejipta. Io fanekena taloha io dia aloky ny fanekena vaovao, izay manondro ny fanekena vaovao amin'ny tsipiriany rehetra. Ny fanekena vaovao dia natao tamin'ny alalan'ny hazo fijaliana tamin'ny fomba izay tsy ho vitan'ny fanekena taloha atao mihitsy. Amin'ny alalan'ny fanekena vaovao,

Free Digital Copy From ServeNow

ny fanafahana dia isam-batan'olona ka miseho ao anatiny ao izany, ary miorina amin'ny ra nalatsak'i Kristy izay tsy vitan'ny hoe manome famelan-keloka fotsiny ihany, fa manolotra tranga fanararaotra ho an'Andriamanitra ihany koa mba "hanavotana" ny mpanota. Tena lafo vidy tokoa ilay izy, nefa Andriamanitra dia naniry ny handoa izany.

Nambaran'Andriamanitra fa marina ny olona iray amin'ny alalan'izay nataon'Andriamanitra ho an'izay namaly ny antson'i Kristy nohon'ny fahafatesany.

**Maneho fahateraham-baovao ny famonjena**

Andriamanitra dia manova ny mpino iray ho olom-baovao. Mahery vaika tokoa ny asan'ny Fanavaozan'ny Fanahy araka izay mifandray amin'ny fahateraham-baovao. Oharina amin'ny fahaterahana "avy any an-danitra" izy io. Rehefa mibebaka sy mino an'i Kristy ny olona iray, dia miditra ao amin'ny fiainan'io olona io sy ny mahaizy azy ny Fanahy Masina ary mampiray an'io olona io amin'ny fianakavian'Andriamanitra. Ny Fanahy Masina ihany koa dia manome ireo olona ireo toetra vaovao izay ahitana fomba fijery ara-moraly vaovao, fitiavana ny fianakaviamben'Andriamanitra ary finoana an'i Kristy.

Andriamanitra dia mametraka ny mpino iray ho amin'ny fifandraisana vaovao amin'ny tenany ihany. Mandra-pahatongan'ny fandraisana sy ny fanatanterahana ny Vaovao Mahafaly dia misy toetry ny fankahalana eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona tsirairay. Ny fahafatesan'i Kristy no tena manova izany toe-javatra izany. Kristy mihitsy no nanaiky ny heloka sy ny sazy teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fahotan'ny olombelona. Na izany aza anefa, ny fitambaran'ny olona tsirairay avy no mamorona ny atao hoe taranak'olombelona. Midika izany fa nanao izany ho anao izy, ho an'ny fahotanao ihany

Free Digital Copy From ServeNow

koa! Misokatra izao ny lalana ho an'ny mpanota tsirairay mibebaka mba hanana firaisana akaiky amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny asa nataon'i Kristy.

Ireo taratasy nosoratana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia mamerimberina milaza ny amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny dingana telo. Voalohany, misy ny fahasoavana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra raisina ho toy ny asa sy fototra voalohany. Faharoa, misy ny fitomboan'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra ao amin'ny Kristiana izay toy ny traikefa mivoatra. Fahatelo, ny voninahitra dia heverina ho tanjona ho amin'ny ho avy. Ny fahatokiana lehiben'ny Kristiana dia ao amin'ny fiverenan'i Kristy, ny teny fikasana ny amin'ny fitsangananana amin'ny maty ary ny fandraisana anjara amin'ny voninahitr'Andriamanitra miaraka aminy mandrakizay.

**Inona no lazain'ny Baiboly momba ny fahateraham-baovao?**

Ny fahateraham-baovao dia iray amin'ireo foto-kevitra mampientanentana indrindra ao amin'ny Kristianisma, fa inona marina no dikan'izany, ahoana no ahazoan'ny olona izany, ary inona no mitranga aorian'ny fandraisany azy?

Mitovy ve ny famonjena sy ny fahateraham-baovao? Ny famonjena dia izay nataon'Andriamanitra ho antsika tamin'ny alalan'ny fahafatesan'i Jesosy Kristy sy ny nitsanganany tamin'ny maty. Ny fahateraham-baovao kosa no varavarana hidirana ho amin'ny fiainam-baovao izay entin'ny famonjena ho ahy sy ho anao.

Misy tantara iray ao amin'ny Testamenta Vaovao momba ny lehilahy iray antsoina hoe Nikodemosy, izay mpikambana tao amin'ny filankevitry ny fitantanan'ny Isiraely fahiny. Nohon'ny tahotry ny hisy hahita, dia nanatona an'i Jesosy tamin'ny alina izy mba hitady ny fahamarinana. Nampianatra azy momba ny

Free Digital Copy From ServeNow

fahateraham-baovao i Jesosy. Natao ho antsika ihany koa izay nolazain'i Jesosy taminy ao amin'ny Jaona 3:3. *Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.*

Na dia teo aza ny fahaizana ambony nananany, dia very hevitra i Nikodemosy. Nanazava i Jesosy ao amin'ny Jaona 3:5-6 fa tsy ny fahateraham-baovao ara-nofo no resahiny, fa ny fahaterahana indray ara-panahy: *, Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo ; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy.* Mialohan'ny ahaterahantsika indray dia velona ara-nofo isika ary tahaka ny tsy misy ho kianina mihitsy amin'ny endrika ivelany rehetra hananantsika. Kanefa, fatin'olona mandehandeha isika— maty ara-panahy. Raha jerena ny ao anatintsika dia zavaboary nofo ihany isika, hanjakan'ny ota sy fehezin'ny ota.

## Andriamanitra no nanolotra fahateraham-baovao ho antsika

Afaka miteraka ny tenany ve ny olona iray? Tsia, mazava ho azy fa tsia! Toy izany koa, tsy mahavita fahaterahana ara-panahy samirery isika. Andriamanitra miteraka antsika, ara-panahy.

Satria Andriamanitra manome antsika izany fahateraham-baovao izany, dia fantatsika tsara ny toerana misy antsika. Izany no tena mampientanentana indrindra ny amin'ny maha Kristianina. Tsy mila miady mafy ho an'ny famonjena antsika isika, ka manontany tena foana raha toa ka ampy ny vavaka nataontsika na nanao asa soa araka ny tokony ho izy isika. Kristy no efa nanao izany ho antsika ary efa tanteraka izany. Ankehitriny, ny

Free Digital Copy From ServeNow

zavatra tsara rehetra ataontsika dia azo atao amin'ny fifaliana fa tsy amin'ny tahotra.

**Ny fahateraham-baovao dia mitondra fiovana tanteraka**

Ny teny hoe fahateraham-baovao dia mamaritra ny fiainam-baovao iainantsika amin'ny alalan'i Kristy. Talohan'ny fahateraham-baovao dia olona mpanao kolikoly isika. *Ary ianareo dia efa matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo* (Efesiana 2:1).

Aorian'ny fahateraham-baovao dia tanteraka ny fiovantsika. Azo lazaina ho fiainana vaovao tanteraka ao amin'ny fanahy izany. Toy izao no hilazan'ny apostoly Paoly izany ao amin'ny 2 Korintiana 5:17, *Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.*

Tena fiovana mahagaga. Raha jerena avy aty ivelany isika dia mitovy amin'ny teo aloha ihany; fa ny ao anatintsika kosa, ilay toetra maha-mpanota antsika dia nisolo toetra marina izay nomen'Andriamanitra Ray tamin'ny alalan'ny sorona nataon'i Jesosy Zanany.

**Mitondra laharam-pahamehana vaovao ny fahateraham-baovao**

Tonga ho azy miaraka amin'ny toetrantsika vaovao ny faniriana mafy an'i Kristy sy ny momba an'Andriamanitra. Sambany isika no afaka mankamamy tanteraka ny tenin'i Jesosy manao hoe, *Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako* (Jaona 14:6).

Amin'ny maha-zavaboary vao teraka antsika, dia fantatsika amin'ny maha-izy antsika rehetra fa Jesosy no Ilay fahamarinana notadiavintsika hatrizay. Arakaraka ny andraisantsika bebe kokoa avy Aminy no hanirintsika bebe kokoa. Tena marina ny faniriantsika Azy.

Free Digital Copy From ServeNow

Voajanahary izany. Rehefa mikatsaka fifandraisana akaiky amin'i Kristy isika dia mahatsapa fitiavana tsy manam-paharoa.

Amin’ny maha-Kristianina antsika dia mbola mpanota ihany isika, kanefa manjary mahamenatra antsika izany satria tsapantsika ankehitriny fa tena manafintohina an’Andriamanitra izany. Amin'ny fiainantsika vaovao dia mikolokolo laharam-pahamehana vaovao isika. Te hampifaly an’Andriamanitra amin’ny fitiavana isika, fa tsy amin’ny tahotra, ary amin’ny maha-fianakaviany antsika dia maniry ny ho mendrika ny Raintsika sy Jesosy Rahalahintsika isika.

Rehefa tonga olom-baovao ao amin’i Kristy isika, dia mamela ny enta-mavesatra manempotra antsika amin’ny fiezahana hahazo famonjena ho an’ny tenantsika. Takatsika amin’izay ny nataon’i Jesosy ho antsika. *Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo* (Jaona 8:32).

**Ahoana no hiainako izany famonjena izany?**

- Ahoana no hahatonga ahy ho mpino? Tsy sarotra ny mandray ny famonjena izay fanomezan’Andriamanitra. Hazavaina amin’ireto dingana tsotra hita ao amin’ny tenin’Andriamanitra ireto ny valin’ny antsony:
- Ekeo fa mpanota ianao ary mialà amin’ny fahotanao. Asan’ny Apostoly 3:19 dia milaza hoe: *Koa mibebaha ianareo, ka miverena amin’Andriamanitra, mba hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin’ny Tompo.*
- Ny fibebahana dia midika ara-bakiteny hoe “fiovan’ny toe-tsaina izay miteraka fiovana amin’ny asa”. Ny hoe mibebaka izany dia midika hoe manaiky fa mpanota ianao. Manova ny hevitrao ianao mba hifanaraka amin’Andriamanitra fa mpanota

Free Digital Copy From ServeNow

ianao. Ny "fiovana eo amin'ny asa" vokatr'izany dia mazava ho azy fa ny fialana amin'ny fahotana.

- Minoa fa maty teo amin'ny hazo fijaliana i Jesoa Kristy mba hamonjena anao ho afaka amin'ny fahotanao ka hanome anao fiainana mandrakizay, hoy ny Jaona 3:16, *Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.* Anisan'ny fibebahana ihany koa ny finoana an'i Jesosy. Manova ny sainao avy amin'ny tsy finoana ho amin'ny finoana ianao, izay miteraka fiovan'ny asa.
- Manatona Azy amin'ny finoana. Hoy Jesosy: *Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana. Tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako* (Jaona 14:6).

  Ny finoana an'i Jesosy Kristy dia fiovam-po izay miteraka fiovan'ny asa—ary ny asa voalohany miorim-paka amin'ny finoana dia tonga eo aminy.
- Manaova vavaka tsotra amin'Andriamanitra. Azonao atao ny manao ny valinteninao amin'Andriamanitra ho vavaka. Fifandraisana amin'Andriamanitra fotsiny ihany ny vavaka. Ny voambolanao manokana ampiasana rehefa mivavaka ianao. Tsy misy raikipohy natokana ho amin'izany. Mivavaha amin'Andriamanitra amin'ny fonao fotsiny dia minoa fa efa namonjy anao Izy. Raha tsy fantatrao izay holazaina dia ity misy vavaka azonao atao:

  *Tompo Malala ô,*

  *Ekeko fa mpanota aho. Efa nanao zavatra maro izay tsy nahafaly Anao aho. Niaina ho an'ny tenako aho. Miala tsiny aho ary mibebaka Aminao. Miangavy Anao aho mba hamela ahy. Mino aho fa maty teo amin'ny hazo fijaliana mba hamonjy ahy Ianao. Nanao izay tsy vitako ho an'ny*

Free Digital Copy From ServeNow

*tenako Ianao. Fantatro fa nitsangana tamin'ny maty Ianao ary velona anio ary te ho velona ato anatiko. Manatona Anao aho amin'izao fotoana izao ary mangataka Aminao mba hifehy ny fiainako. Atolotro anao ny fiainako. Ampio aho hiaina isan'andro amin'ny fomba mahafaly Anao. Tiako ianao, Tompo, ary misaotra Anao aho fa hiara-mitoetra Aminao mandrakizay.*

*Amen.*

**Ahoana no hahazoana antoka fa voavonjy ianao?**

Misy fomba ahazoana antoka ny amin'ny famonjena anao. Manome toky antsika ny Tenin'Andriamanitra rehefa milaza hoe: *Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy* (Jaona 5:24).

*Izay rehetra mino fa Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra; ary izay rehetra tia Izay niteraka dia tia izay naterany koa* (I Jaona 5:1)

*Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no nomen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana* (1 Jaona 5:11-12).

**Aza manokatra varavarana ho an'ny fisalasalana**

Ny famonjena dia avy amin'ny finoana, amin'ny alalan'ny fahasoavana. Tsy misy na inona na inona vitanao, na azonao atao, mendrika izany. Fanomezana maimaim-poana avy amin'Andriamanitra izany. Ny hany tsy maintsy ataonao dia ny mandray izany!

Hoy ny Efesiana 2:8: *Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana – ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra.*

Free Digital Copy From ServeNow

Minoa fotsiny àry izay lazain'ny Baiboly aminao. Azo itokisana ireo fampanantenany.

**Inona no tokony hataoko manaraka?**

Ankehitriny ianao dia mpanara-dia an'i Kristy mbola vaovao be, ary manontany tena ny amin'ny hanombohanao ny dianao. Ireto misy dingana dimy tena ilaina izay hampandroso anao ho amin'ny fitomboana ara-panahy. Na dia tsotra aza izy ireo, dia zava-dehibe amin'ny fanorenana ny fifandraisanao amin'ny Tompo.

***Lazao amin'ny hafa ny zava-nitranga taminao***

Hoy ny voasoratra ao amin'ny Romana 10:9-10, *Raha manaiky amin'ny vavanao ianao fa "Jesosy no Tompo", ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao. Fa amin'ny fo no hinoana hahazoana fahamarinana, ary amin'ny vava no anekena hahazoana famonjena.*

**Vakio isan'andro ny Baibolinao**

Atombohy amin'ny famakiana ny Filazantsaran'i Lioka izany. Vakio ny Asan'ny Apostoly avy eo. Azonao atao ihany koa ny mamaky ny sasantsasany amin'ireo taratasin'i Paoly. Atomboy amin'ny Efesianina, Filipiana ary Kolosiana. Hampahery anao amin'ny finoanao vaovao izy ireo. Avy eo ianao dia afaka miverina mamaky ireo Filazantsara hafa, ireo taratasy nosoratana hafa, ary ny Bokin'ny Apokalypsy.

Ny fomba tsotra indrindra "hitomboana" amin'ny finoana dia ny fanaovana ny famakiana Baiboly ho laharam-pahamehana isan'andro.

Free Digital Copy From ServeNow

***Mavavaha isan'andro***

Ny vavaka dia firesahana amin'Andriamanitra tsotra izao. Tsy mila mampiasa voambolana sarotra be ianao. Tsy misy hoe teny mety na teny diso. Izay teny maneho ny maha ianao anao ampiasaina. Misaora an'i Jehovah isan'andro noho ny famonjeny anao. Mivavaha ho an'ny hafa izay anaty fahasahiranana. Mivavaha mba hahazoanao toro-lalana avy Aminy. Mivavaha amin'ny Tompo mba hameno anao isan'andro amin'ny Fanahiny Masina Izy. Tsy misy fetra ny vavaka. Azonao atao ny mikimpy na mihiratra rehefa mivavaka, na eo am-pipetrahana na eo am-pitsanganana, na mandohalika na mitsotsotra eo am-pandriana, na aiza na aiza, na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona. Noho izany dia aoka ho isan'ireo fanaonao isan'andro manomboka izao ny vavaka.

***Aoka hivondrona tsy tapaka miaraka amin'ireo mpino hafa***

Ny anton'ny hivondronantsika tsy tapaka amin'ireo mpino hafa dia nohon'ny fampianarana, ny firahalahiana, ny fanompoam-pivavahana, ny fiombonana, ny vavaka ary ny fifampaherezana amin'ny finoana.

*Aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa – mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro* (Hebreo 10:25).

Manazava izany tsara ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly. *Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana. Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon'ny Apostoly. Ary izay rehetra nino dia niray toerana, sady niombonany avokoa ny fananany rehetra. Ary namidiny ny taniny sy ny fananany ka nozarainy tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy. Ary dia niray saina isan'andro izy ireo ka nazoto nankeo an-kianjan'ny tempoly. Namaky mofo tao an-tranony izy ireo ka nihinan-kanina tamin'ny fifaliana sy*

Free Digital Copy From ServeNow

*ny fahatsaram-po, nidera an'Andriamanitra sady nahita fitia tamin'ny vahoaka rehetra. Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo* (Asan'ny Apostoly 2:42-47).

Ny fandraisana anjara amin'ny tenan'i Kristy (ny Fiangonana) dia fototry ny fitomboana ara-panahy.

***Mandraisa anjara amin'ny fanompoana***

Ny ankamaroan'ny fiangonana dia manolotra fahafahana hanao asa fanompoana sy vondrona kely maromaro. Mivavaha ary hanontanio an'Andriamanitra izay toerana tsara indrindra azony ampiasana anao. Ny olombelona no mahita ny tanjony amin'ny fanompoana ka mampisondrotra azy eo amin'ny diany miaraka amin'i Kristy. Aza kivy raha toa ka tsy mandeha amin'izay laoniny ny zavatra nezahanao natao voalohany. Miezaha hatrany!

**Ireto misy Soratra vitsivitsy mahakasika ny famonjena izay mety tianao atao tsianjery mba hanamafisana ny finoanao:**

*Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Tsy misy olona afaka mahita ny fanjakan'Andriamanitra, raha tsy ateraka indray.*

*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanany ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjy izao tontolo izao amin'ny alalany* (Jaona 3:16, 17).

*Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena* (Asan'ny Apostoly 4:12).

*Ary rehefa nentiny nivoaka izy roa lahy, dia hoy izy: "Tompoko, inona no mety hataoko, mba hovonjena aho?" Dia hoy izy roa lahy: Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao – ianao sy ny ankohonanao* (Asan'ny Apostoly 16:30-31).

Free Digital Copy From ServeNow

*Fa miendrika Izay anton'ny nanaovana ny zavatra rehetra sady nahariana ny zavatra rehetra, raha mitondra zanaka lahy sy zanaka vavy maro ho any amin'ny voninahitra, ny hahatanteraka ny Tompon'ny famonjena ireo amin'ny fahoriana* (Hebreo 2:10).

*Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin'ny fahatezerana, fa mba hahazo famonjena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika* (1 Tesaloniana 5:9).

**Fantaro ny Mpamonjy**

Jesosy Kristy no ivon'ny Kristianisma, ary ny fiainany, ny hafatra ary ny fanompoany dia voarakitra ao amin'ny Filazantsara efatra ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny anarana hoe Jesosy dia avy amin'ny teny hebreo-aramianina hoe "Yeshua", midika hoe "ny Tompo no famonjena".

Ny fahateraham-baovao dia midika ho famadihana tanteraka ireo fironana voajanahary ananan'ny olona iray. Ao amin'ny Bokin'ny Galatiana toko faha-5, i Paoly dia mampianatra ny amin'ny fiainan'ny Fanahy ary hoy izy, *Fa izay an' i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filany tamin'ny hazo fijaliana. Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy* (Galatiana 5:24-25).

*Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho, ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko. Fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy* (Galatiana 2:20).

Izany fiainam-baovao izany dia midika ho firaisana amin'i Kristy. *Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo* (2 Korintiana 5:17).

Ao amin'ny Filipiana 4:13 dia milaza hoe: *Mahay ny zavatra rehetra aho ao aminy izay mampahery ahy.*

Free Digital Copy From ServeNow

Natsangan'Andriamanitra ho zanany isika. Rehefa nandray ny famonjena isika dia tonga zanak'Andriamanitra. Araka ny voalazan'i Jesosy ao amin'ny Jaona 1:12, *Fa izay rehetra tena nandray Azy, ireo izay mino ny anarany dia nomeny zo ho tonga zanak'Andriamanitra.*

Hoy indray i Paoly ao amin'ny Galatiana 4:6-7, *Ary satria zanany ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ato am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, ilay miantso hoe: "Aba, Ray ô ". Ka dia tsy mpanompo intsony ianareo, fa zanak'Andriamanitra : ary raha zanany ianareo, dia nataon'Andriamanitra ho mpandova ihany koa.* Hoy izay voalaza ao amin'ny Filipiana 4:19: *Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin'ny voninahitra ao amin'i Kristy Jesosy.* Fampanantenana lehibe avy amin'ilay Raintsika any an-danitra lehibe ireo.

Noho izany, fantaro amin'ny alalan'ny fiarahanao Aminy isan'andro, ny amin'i Jesosy, Ilay namanao vaovao. Miahy anao Izy ary tena tia anao.

Free Digital Copy From ServeNow

## FANONTANIANA HO FIANARANA SY FANDINIHANA

- Inona no dikan'ny teny hoe 'Famonjena'?
- Efa niainanao ve izany famonjena izany?
- Raha tsy izany, nahoana?
- Maty ho anao Jesosy. Araka ny hevitrao, nahoana no nanao izany Izy?
- Misy fomba hafa ve ahazoana famonjena ankoatran' izay avy amin'i Jesosy?
- Inona no dikan'ny hoe 'fahateraham-baovao'?

Free Digital Copy From ServeNow

- Azonao antoka ve fa voavonjy ianao?

- Inona indray no dingana manaraka tokony ataoko?

- Ahoana no hifandraisanao amin'ny Mpamonjy anao isan'andro?